

Toriteny ho an'ny Sabatan'ny Fahafahana ara-pivavahana

20 Janoary 2018

Nomanin'i Dr Ganoune Diop

Talen'ny Departemantan'ny Raharaha ara-panjakana sy ny Fahafahana ara-pivavahana (PARL)

Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro faha 7 – Foibe Manerantany

Toko sy andin'ny Baiboly notsongaina tao amin'ny Dikanteny FMBM 1965

Azo ampiasaina an-kalalahana ity toriteny ity mandritry ny Sabata natokana ho an'ny Fahafahana ara-pivavahana, fa aza adino ny mampahatsiahfa Dr Diop no nanomana azy amin'ny maha mpiandraikitra ny PARL azy.

---

Ny fijery ara-Baiboly ireo lafiny maro mikasika ny Fahafahana

Matetika ny Fahafahana dia tombanana araka ny tombontsoa mety ho azo avy aminy. Heverina ho zon'ololombelona fototra izy io, toy ny fahafahana ara-pivavahana, na ny fahafahana maneho hevitra malalaka; ary heverina ihany koa ho soatoavina eo anivon'ny fiaraha-monina sy araka ny lalàna izay mila arovana sy tandrovana.

Kanefa, rehefa ny fijery ara-Baiboly no hanombanana ny atao hoe Fahafahana, dia hahita isika fa mahafaoka lalina noho izay heverina ho hita am-boalohany ny fahafahahana.

Voalohany, Andriamanitra irery ihany no tena manana fahafahana. Izy irery ihany no tena mahaleotena, mahavita tena ary tsy mila miankina amin'inonan'inona na amin'izan'iza akory. Nefio Andriamanitra mahavita tena manontolo io mihitsy no nanapa-kevitra hamorona olona araka ny endriny mba hahafan'izy ireo mamaly ny fitiavana atolony ; fitiavana izay tsy afaka ny hisy raha tsy eo ny fahafahana. Ary satria zava-dehibe amin'ny fahazoana maneho fitiavana ny fahafahana misafidy, dia noforonin'Andriamanitra ny fahafahana.

Nambaran'i Jesosy mazava tsara fa tonga Izy hitondra fanafahana ho an'ny mpifatotra, ary ivon'ny hafatra nentiny ny fahafahana. Ohatra amin'izany ny Toriteny nataony teo an-tendrombohitra (Mat. 5. 1-12) izay miompomana manontolo amin'ny fahafahana. Nanambara, ohatra, Jesosy ao amin'ny andininy faha 3, hoe : « Sambatra ny malahelo am-panahy... ». Mahakasika ny fahafahana izany fanambarana izany. Fa nahoana tokoa moa? Toy ny miteny ilay fanambarana hoe : « Sambatra izay miaiky fa miankina amin'Andriamanitra », dia tsy iza izany fa ireo izay tsy mba domelin'ny zavatry ny tany (matérialisme), na domelin'izay zava-drehetra mandroba ny fiandrianan'Andriamanitra amin'ny olombelona. Ny lafiny voalohan'ny fahafahana maneho dia mifamatotra amin'ny hoe ampy antsika manontolo Andriamanitra.

Hoy koa Jesosy : « Sambatra ny ory ; fa izy no hampifaliana ». Ireo izay tsy mba domelin'ny zavatra atolotrizao tontolo izao hanalana ny hetaheta lalin'ny fanahy. Tsy mba isan'ireo manao ny fomba rehetra hitsoahana ny fanaintainana sy ny fahoriana eto amin'ity fiainana ity, satria izy miandry an'Andriamanitra. Fa nahoana moa ? Satria Andriamanitra no mpampionona azy.

Ny fahasambarana hambaran'i Jesosy manaraka dia miresaka momba ny fahalemem-panahy : « Sambatra ny malemy fanahy ». Dia ireo olona izay tsy domelin'ny herisetra. Ireo izay tsy mihetraketraka ny maha-izy-azy ny hafa mba hahazoana tombotsoa. Fa nahoana moa ? Satria Andriamanitra no fananany fara-tampony. Ny fahafahana amin'io hasambarana io izany dia

mifandraika amin'ny fiankinana manontolo amin'Andriamanitra. Fiandrasana an'Andriamanitra amin'ny toe-javatra rehetra. Fanekena fa ampy tanteraka ho antsika Andriamanitra.

Ny fanambarana hasambarana manaraka : « Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana ». Ny olona tsy domelin'ny tsy fahamarinana no voalaza eto. Fa nahoana moa ? Satria tsy tazoniny ho azy ny anjaran'ny hafa. Satria Andriamanitra no fahamarinany. Ny fahamarinana eto dia ilay fanehoana eo amin'ny fiainana ny atao hoe mamindra fo, izany hoe raha nandalo ianao dia nahasoa ny hafa, raha nandalo ianao dia fitahiana ho an'ny hafa.

Dia mbola misy fanambarana hasambarana hafa koa, mifandraika hatrany amin'ny fahafahana : « Sambatra ny miantra ». Ireo ilay karazan'olona mahatsapa fa manana fahafahana ka manokatra ny tanany sy fony ho an'ny hafa. Tsy mba domelin'ny valifaty na manao an-dolom-po izy ireo. Satria nahoana? Satria mandray avy amin'ilay Modeliny izy ireo, dia Jesosy. Andriamanitra no Mpitsara marina sy Mpanalalana marina ; ary raha Izy no Mpanalalana antsika, iza moa isika no hanagadra olona ? Isika mihitsy no tokony ho mpanalalana ho an'ny hafa. Hevero anie ny fahafahana nasehon'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana : nivavaka ho an' ny fahavalony Izy, dia ireo izay nanombo Azy tamin'ny hazo fijaliana sy nampiatra taminy ny hirifiry faran'izay tsy zaka indrindra. Nahavavaka mihitsy Izy mbola nanao hoe : « Ray ô, mamelà ny helony fa tsy fantany izay ataony ! » Tsy latsaka izany koa ny an'i Stefana. Raha izy notoraham-bato iny indrindra dia nivavaka ho an'ny hafa, tena naneho fihetsika lalina amin'ny maha-olona fa izy dia olona hafaka.

Ny hasambara notonin'i Jesosy manaraka dia tena miteny ho azy ! « Sambatra ny madio am-po » Tsy iza izany fa ireo izay tsy mba domelin'ny fahalotoana sy ny fisolotiky ny fanahy. Maharitra mibanjina an'i Jesosy izy ireo. Ary, antitranterina indray fa Jesosy no manamarina sy manamasina antsika.

Ny hasambarana manaraka dia mifandraika hatrany amin'ny fahafahana : « Sambatra ny mpampihavana ». Eny, sambatra ireo izay miasa ho amin'ny fampihavanana satria ireo izay tena mahatsiaro tena ho manana fahafahana no afaka miditra an-tsehatra amin'ny fampihavanana. Izy ireo tsy mba domelin'ny fisaraham-bazana, na ny fankahalana, na ny ady. Ny mifanipaka tanteraka amin'izany no ataony, dia ny manangona ny olona mba hihavana. Fa nahoana moa ? Satria resy lahatra tanteraka izy ireo fa Andriamanitra no fiadanantsika. Ka izay no antony maha mpampihavana azy.

Ny tohiny dia manambara hoe : « Sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana fa azy ny fanjakan'ny lanitra ». Nifidy an'i Jesosy sy ny hazo fijaliana manko izy ireo ; nifidy ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty, nifidy ny fiakarany ho any an-danitra sy ny fanalalanana ataony amin'ny maha-Mpisoronabe Azy, ary nifidy ny fiverenan'i Jesosy amin'ny maha-Mpanjakan'ny mpanjanka sy Tompon'ny tombo Azy.

Jesosy mihitsy izany no lasa ivon'ny fiainan'ireo olona afaka ireo. Olona afaka tokoa izy ireo ka tsy tratran'ny fanangolen' ny fitadiavam-boninahitra ary aleony aza mifidy ny henatra toy izay hanoso-potaka ny toetra tsaran'i Jesosy. Aleon'izy ireo mamoy ny ainy toy izay hamadika an'i Jesosy llay Tompon'ny ainy. Andriamanitra no soatoaviny ambony indrindra, sady fanirian'ny fony sy ny fanahiny. Raha zohiana, sambatra ireo izay afa-po manana an'Andriamanitra satria lasa fananan'izy ireo ny fahafahana. Manana fahafahana ireo manao an'Andriamanitra ho soatoaviny fara-tampony.

Araka izany, mahafaoka lalina noho izay heverina ho hita am-boalohany ny fahafahahana, ary ohatra amin'izany ny Hasambarana nambaran'i Jesosy teny an-tendrombohitra. Fa misy ohatra hafa koa.

Lalina tokoa ny atao hoe fahafahana, ary mahafaoka manontolo ny hafatry ny finoana kristiana. Izay no antony hilazan'i Paoly ao amin'ny Galatiana toko faha 5 hoe : « Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika. »

Te hisintona vetivety ny sainareo aho ka hifantoka amin'ny hevitra hita ao amin'ny Testamenta Taloha : Andriamanitra dia nanafaka ny olony, ny vahoaka Israely izany. Ary rehefa manafaka Andriamanitra dia manolotra fanomezana koa. Mandritry ny Pentekosta, volana fahatelo amin'ny taona dia nandao an'i Egypta ny vahoakan'Andriamanitra ka nihaona taminy tao an-tendrombohitry Sinay. Tao no nanoloran'Andriamanitra fanomezana, dia ny Lalàna na Didy Folo. Izay no Fanakena Taloha. Fa mbola niverina io fanandramana io teo amin'ny Fanekena Vaovao. Nanafaka ny olony tamin'ny alalan'ny hazo fijaliana Andriamanitra. Toy ny hoe Exodusy vaovao. Ary dia nanome ny Fanahy Masina ho an'ny olony Andriamanitra.

Fa nahoana moa no nomena ny Fanahy Masina ? Satria tamin'ny alalany no tonga ny fahafahana araka izay voasoratra ao amin'ny 2 Kor.3 : 17 : « Ary izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana. »

Fa inona moa no asan'ny Fanahy Masina ? « Satria ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika no nentiny nampidina ny fitiavana an'Andriamanitra ho ao am-pontsika ». Mifamatotra be ny fahafahana sy ny fitiavana. Mampitologaga mihitsy izany, ary tena ivon'ny fanomezana avy amin'Andriamanitra. Ny famerenana amin'ny laoniny ny fitiavan'Andriamanitra ao am-pontsika no mitondra fahafahana marina.

Eto am-pankalazana izao andron'ny fahafahana ara-pivavahana izao dia zava-dehibe ny mampahatsiahy fa ny fitiavana no andry, fototra ary antom-pisian'ny fahafahana. Tsy mahagaga noho izany nanambaran'i Paoly zava-dehibe teo am-pamelabelarana ny fampianaran'i Jesosy. Nilaza izy fa hanoro ireo Kristianina voalohany ny «tena hany lalana tsara ». Inona moa izany « tena hany lalana tsara » izany ? Raha zohiana dia tsy inona izany fa ny fitiavana. Fa mahatolagaga ny fomba namelabelarany azy !

Hoy manko Paoly hoe : « Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho. » (1 Kor.13 : 1) Dia tohizany : « Ary na dia manana faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho, ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsina aho ». (1 Kor.13 : 2) Ary mbola notohizany : « Ary na dia omeko hohanin'ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro ho dorana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahaso ahy akory izany. » (1 Kor.13 : 3) Hoy Paoly mantsy amin'ireo namaky ny epistiliny, ary mantsy antsika koa : raha tsy eo ny fitiavana dia zava-poana ny mahafehy tanteraka ny fomba fifaneraserana rehetra. Raha tsy eo ny fitiavana dia zava-poana avokoa ny mahalala an-tsipiriany ny momba an'Andriamanitra, ny ho avy, ny faminaniana na ny fahalalana rehetra aza. Ary lazain'i Paoly ihany koa fa na dia manome ny fananana rehetra ho an'ny hafa aza dia zava-poana raha tsisy fitiavana. Eny fa na dia manolotra ny tena iray manontolo aza, raha tsisy fitiavana, dia tsinontsinona mihitsy.

Noho izany, raha tsy eo ny fitiavana dia tsinontsinona izay rehetra tanterahintsika na ataantsika. Eny, raha tsy eo ny fitiavana dia tsinontsinona na dia ny fahafahana neverintsika fa ananantsika aza. Izay no maha lalim-paka kokoa ny fahafahan'ny Kristiana. Tsy hoe zon'olombelona fotsiny izy io na koa hoe tombontsoa fotsiny, fa tena toetra anaty napetraky ny Tompo, fanomezana avy amin'ny fahasoavan'Andriamanitra, atolotr'Andriamanitra am-pitiavana be. Ary io fitiavana io no hery

manosika ny kristiana hanao sorona ny fahafahany mihitsy aza noho ny fitiavana sy ho fanasoavana ny hafa.

Mahafaoka lalina noho izay heverina ho hita am-boalohany ny fahafahahana marina. Ka inona ary izay zava-dalina izay ? Ny fitiavana.

Manantitrantitra momba ny toetry ny fitiavana ny apostoly Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 13, ary ho famaritana ireo toetra ireo izy dia mampiasa voambolana 15 izay tsy ho afaka tanterahina raha tsisy fahafahana.

Hoy Paoly : « Ny fitiavana mahari-po ». Midika izany fa raha tsy eo ny fahafahana, raha tsy eo ny fitiavana sy ny faharetana, dia tsy misy olona afaka izany. Dia hoy koa i Paoly : « ... sady mora fanahy ». Maneho hatsaram-panahy ny fitiavana.

Ary dia tohizany hoe : « Ny fitiavana tsy mialona ». Tsy eo amin'ny fitiavana mihitsy ny fialonana. « Tsy mirehareha, tsy mieboebo. » Ny fitiavana dia tsy mizahozaho amin'ny endriny isan-karazany na mibontsimbotsina etsy sy eroa. « Tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy. » Ny fitiavana dia manafaka amin'ny fitiavan-tena. « Tsy mora sosotra », fitiavana tena afaka amin'ny fo tsy tohinina na ny hatezerana mora miakatra. « Tsy manao otri-po », fitiavana afaka ka manadino ny ratsy natao tamin'ny tena. Ny fitiavana « tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa. » Ary dia mbola miteny Paoly hoe : Mahery ny fitiavana, mahatonga ny olona iray ho tena afaka ka hahavitany « mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra ary maharitra ny zavatra rehetra. »

Andeha anie he jerentsika indray ilay famaritana roa voalohan'ny fitiavana e ! Ny voalohany : « Ny fitiavana mahari-po », midika izany ho fanekena tsotra izao ny fiankinana sy ny fiateherana amin'Adriamanitra. Toy izany ihany no nambaran'i Jesosy ao amin'ny Toriteny teo antendrom-bohitra hoe : « Sambatra ny malahelo am-panahy ». Ny fitiavana dia tsy miezaka mandray an-tanana ny toe-javatra fa mamela izany eo ampelan-tanan'Andriamanitra. Fa nahoana tokoa moa ? Satria ny fitiavana dia miankina tanteraka amin'Andriamanitra.

Ny famaritana faharoa dia maneho fa tsy midonahanam-poana ny fitiavana fa miasa hanasoa ny mpiara-belona. « Sady mora fanahy », izany hoe : manantateraka asam-pahatsaram-panahy, manompo ny hafa. Mitodika any amin'ny hafa ny fitiavana ka tsy misy toerana ho an'ny fialonana, ny fampitahàna amin'ny hafa, ny fifaninanana, fa mametraka ny hafa kosa alohan'ny tena mandrakariva.

Arak'izany ary misy fanontaniana lalina maro samihafa manodidina ity resaka fahafahana ity mihoatra noho izay hitan'ny maso. Sokafan'ny Baiboly ny fontsika hitrantranga lalindalina kokoa fa tsy hitaky fotsiny izany fahafahana izany amin'ny maha zo fototra azy fotsiny. Ambonin'izany aza dia mamporisika antsika ny Baiboly « hamela ny Fanahy Masina hampidina ny fitiavan'Andriamanitra ao am-potsika » mba hahatonga antsika ho tena afaka tokoa. Dia hahatakatra isika fa haharitra ny fitiavana, ary hihanona ao anaty fahafahana mandrakariva. « Fa raha ny faminaniana ho levona, na ny fiteny tsy fantatra dia hitsahatra, na ny fahalalana dia ho foana. » Hazavain'i Paoly ao anatin'ny tontolon'ny fahamatorana kristiana izany. « Fony mbola zaza aho dia niteny toy ny zaza, nihevitra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza ; fa rehefa lehibe aho dia nariako ny fahazazana. Fa ankehitiny isika mizaha amin'ny fitaratra ka tsy mahita marina, fa rahatrizay dia mifanatrika ; ankehitriny sombintsombiny no fantatro, fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy. Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra : Ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana ; fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo. » 1 Kor. 13 : 11-13

Manasa antsika ary Paoly mba hivelona amin'ny fitiavana satria ny fitiavana no lalana mitondra ho amin'ny fahafahana, io no lalan'ny fahafahana, ary fanehoana ny fahafahana. Dia tsy gaga isika raha hoy Jesosy : « Koa raha ny zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa hianareo. » Jao. 8 : 36

Izany fahafahana izany no iriako fatratra ho anareo tsirairay avy, indrindra amin'izao Sabatan'ny fahafahana ara-pivavahana izao. Mba ho takatra tsara sy amin'ny fahafenoany fa ny Fanahy Masina no mampidina ao am-pontsika ny fitiavan'Andriamanitra, mba hahatonga antsika ho tena afaka tokoa. Iriko raha ny tsirairay avy hanandrana ny fahasoavan'i Jesosy Kristy sy ny fampiraaisana avy amin'ny Fanahy Masina mandra-pahatongantsika amin'ny fiverenan'i Jesosy indray ka hiriaria miaraka Aminy mandritra ny mandrakizay ao anatin'ny fitiavana sy ny fahafahana ka tsy hisy aloky ny fahafatesana. Afaka mandritry ny mandrakizay, afaka amin'ireo sakana rehetra tsy nahatanteraka ny firaisana amin'Andriamanitra.

---